


# Ny Taovam-pivalanan-drano Sy Fananahana

**Ny taovam-pivalanan-drano** dia ampiasain'ny vatana mba hanesorana ireo maloto avy amin'ny rà ary manala izany amin'ny alalan'ny amany:


Ny *voa* mitatavana ny rà ary mamorona ny amany.

Ny fantson'amany dia fantsona mitondra ny amany mankao anaty tatavia.



Ny tatavia dia kitapo mitahiry ny amany. Rehefa feno izy io dia mihitra ary lasa mihalehibe.

Ny fantsona mamoka ny amany dia mamoka ny amany eo amin'ny filahiana na eo amin'ny lavaka kely eo anelanelan'ny molotra ny fivaviana.



**Ny filahiana/fivaviana** dia ireo taovam-pananahana.


## Ny lehilahy:

tatavia

fantson'amany

filahiana na taovam-pananahan'ny lehilahy

*scrotum* na kitapo mihazona ny vihindahy



Fantson'ny tsirinaina

Ny fihary ny vihindahy dia manamboatra ny rano mitondra ny tsirinaina.

Ny vihindahy no mamokatra ny tsirinaina, na ny sela tsy taza-maso misy rambo izay mitambatra amin'ny atodin'ny vehivavy ka mahabevohoka.




## Ny vehivavy:

Molotra ivelan'ny fivaviana

Molotra anatin'ny

Lava-body: faran'ny tsinay



kitso: faritra kely mora taitra izay manome fahafinaretana rehefa kasihina

lavaka fivoahan'ny amany

lavaky ny fivaviana na fantsona fiterahana. (raha hijery ny ao anatin'ny, jereo p. 280.)

## ARETIN'NY TAOVAM-PIVALANAN-DRANO

Karazany maro ny olana eo amin'ny taovam-pivalanan-drano. Tsy mora ny manavaka azy ireo. Ary ny aretina iray dia mety ho samihafa ny fitrangany eo amin'ny lahy sy ny vavy. Ny sasany amin'ireo olana ireo dia tsy mampidi-doza fa ny sasany kosa dia mety hampidi-doza be. Ny aretina mampidi-doza dia mety hanomboka amin'ny fambara malefaka fotsiny ihany. Matetika dia saro-pantarina tsara izy raha tsy mampiasa afa-tsy boky toy ity. Ny fahalalana sy fitiliana manokana dia mety ilaina. Raha azo atao dia mitadiava torohevitra avy amin'ny mpiasan'ny fahasalamana.


Ireo **olana eo amin'ny fivalanan-drano** mpiseho matetika dia:

1. Otrikaretin'ny taovam-pivalanan-drano. Izy io dia mpahazo ny vehivavy. (indraindray izy io dia manomboka rehefa avy nanao firaisana ara-nofo, saingy mety miseho amin'ny fotoana hafa, indrindra mandritra ny fitondrana vohoka.)
2. Vato ao anaty voa, na vato ao anaty tatavia.
3. Olana eo amin'ny fiharin'ny vihindahy na prostata (fahaserotana rehefa mivalan-drano ateraky ny fihitaran'ny fihary ny vihindahy; mpahazo ny lehilahy efa nahazo taona).
4. Angaboribory na chlamydia (areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ara-nofo izay miteraka fahaserotana na fanaintainana rehefa mivalan-drano).
5. Amin'ny faritra sasany maneran-tany, ny schistosomes no tena matetika miteraka ny fisian'ny rà ao anatin'ny fivalanan-drano. Izy ity dia resahana miaraka amin'ny otrikaretina hafa ateraky ny kankana. Jereo ny pejy 146.

## Otrikaretin'ny taovam-pivalanan-drano

*Famantarana:*

- Indraindray hafanana sy fangovitana na aretin-andoha.
- Indraindray fanaintainana eo amin'ny ila.
- Fivalanan-drano manaintaina, te hamany matetika.
- Tsy mahatana amany (marina be ho an'ny ankizy).
- Mety hisy fotsifotsy na menamena (rà) ny amany.



- Indraindray toa tsy foana tsara akory ny tatavia.
- Indraindray misy manaintaina eo amin'ny lamosina ambany (voa).
- Indraindray midina mankany amin'ny tongotra ny fanaintainana.
- Amin'ny tranga mahery vaika (aretin'ny voa) mety hivonto ny tongotra sy ny tarehy.

Maro ireo vehivavy no voan'ny aretin'ny taovam-pivalanan-drano. Tsy dia mpitranga matetika eo amin'ny lehilahy izany. Indraindray ny fitrangany dia **fivalanan-drano manaintaina sy te-hamany foana** irery ihany. Ny fambara mateti-pitranga hafa koa dia ny **rà amin'ny amany sy fanaintainana eo amin'ny kibo ambany**. Ny fanaintainana eo afovoany na ambanin'ny lamosina, hihitatra hatrany amin'ny taolan-tehezana, arahana hafanana, dia maneho olana mahery vaika kokoa.

#### ***Fitsaboana:***

- ◆ **Misotroa rano betsaka.** Maro amin'ireo aretina madiniky ny fivalanan-drano dia afaky ny fisotroana rano betsaka, tsy mila fanafody. Misotroa farafahakeliny 1 vera isaky ny 30 minitra mandritra ny 3 hatramin'ny 4 ora, ary mizàra misotro rano betsaka. (Saingy raha tsy afaka mivalan-drano na mivonto ny tarehy sy ny tongotr'ilay olona dia tsy tokony hisotro rano betsaka izy).
- ◆ Raha tsy mihatsara ny toe-pahasalaman'ilay olona amin'ny alalan'ny fisotroana rano betsaka, na misy hafanana izy, dia tokony mihinana cotrimoxazole (p. 357) na amoxicillin (p. 352). Tandremo tsara ny fatrany sy ny fepetra. Mba hifehezana tanteraka ny otrikaretina dia mety ilaina ny fihinanana ilay fanafody mandritra ny 10 andro. Raha mifindra mankany amin'ny voa ilay otrikaretina, na tsy mandaitra ireo fanafody ireo dia andramo ny ciprofloxacin (p. 358). Zava-dehibe ny fisotroana rano betsaka rehefa mihinana ireo fanafody ireo.
- ◆ Raha tsy mihatsara haingana ny fahasalaman'ilay olona dia mitadiava dokotera.



## **Vato ao Anaty Voa na Vato ao Anaty Tatavia**

#### ***Famantarana:***

- Matetika ny famantarana voalohany dia fanaintainana manindrona na mahery vaika be eo amin'ny lamosina ambany, ny ila na ny kibo ambany, na eo amin'ny fototry ny filahiana.
- Indraindray dia voasakana ny fantson'amany ary dia sarotra amin'ilay olona ny mamoka ny amany—na tsy afaka mamany izy. Na mety hisy rà mitete rehefa manomboka mamany ilay olona.
- Mety hisy otrikaretin'ny taovam-pivalanan-drano ihany koa.

#### ***Fitsaboana:***

- ◆ Mitovy amin'ny otrikaretin'ny taovam-pivalanan-drano voalaza etsy ambony.
- ◆ Omeo aspirinina ihany koa na mpanala fanaintainana hafa sy antispasmodique (jereo p. 380).
- ◆ Raha tsy afaka mamany ianao dia ezaho ny manao izany eo ampatoriana. Indraindray izany dia mahatonga ny vato ao anatin'ny tatavia hihemotra ary tsy hanentsina ny fisokafan'ny fantson'amany.
- ◆ Raha misy tranga mahery vaika, mitadiava dokotera. Indraindray dia ilaina ny fandidiana.


## **Fihary ny Vihindahy Mihitatra**

Io tranga io dia mpahazo ireo lehilahy mihoatra ny 40 taona. Izy io dia ateraky ny fivontosan'ny fihary ny vihindahy, eo anelanelan'ny tatavia sy ny fantsona mpamoaka amany.

- Manana fahasaratana eo amin'ny fivalanan-drano ary indraindray eo amin'ny fangerena ilay olona. Mety hikorianana na hitete kely fotsiny na hiato tanteraka ny amany. Indraindray dia tsy mahavita mamany anatin'ny andro maro ilay lehilahy.
- Raha misy hafanana izy dia midika izany fa misy otrikaretina ihany koa.

*Fitsaboana ny fiharin'ny vihindahy mihitatra:*

- ◆ Raha tsy afaka mamany ilay olona, tokony manandrana mipetraka ao anaty koveta be feno rano mafana izy, raha tsy mandaitra izany dia mety mila katetera (p. 239).
- ◆ Raha misy hafanana izy dia mampiasà antibiotika toy ny ampicillin (p. 352) na tetracycline (p. 355).
- ◆ Manatòna dokotera. Ny antony mahery vaika na maharitra ela dia mety mila fandidiana.



Fanamarihana: Ny olona eo amin'ny fiharin'ny vihindahy sy ny angaboribory (na chlamydia) dia mety hanasoroitra ny fivalanan-drano. Eo amin'ny lehilahy lehibe, mety ho fihitaran'ny vihindahy izany. Na izany aza, ny lehilahy mbola tanora—indrindra izay avy nanao firaisana ara-nofa tamin'ny olona voan'ny angaboribory na chlamydia—dia mety angaboribory na chlamydia.

## ARETINA AZO AVY AMIN'NY FIRAISANA ANA-NOFO (ARETI-MIFINDRA AVY AMIN'NY FIRAISANA ARA-NOFO)

Ho resahintsika ato anatin'ireo pejy manaraka ny aretina mifindra amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofa mateti-pitranga: **angaboribory, chlamydia, angatra**, ary **atody tarimo vaky eo amin'ny teta**. Ho an'ny fampahafantarana mikasika ky **VIH** sy ny **SIDA** otrikaretina mifindra avy amin'ny firaisana ara-nofa sasany izay miteraka fery eo amin'ny taovam-pananahana (**herpes eo amin'ny taovam-pananahana, votsy eo amin'ny taovam-pananahana**, ary **otrikaretina avy amin'ny firaisana ara-nofa miteraka fery amin'ny atody tarimo eo amin'ny teta**) Jereo ny Fanazavana Fanampiny, p. 399 to 403.

## Angaboribory sy Chlamydia

**Ny lehilahy sy ny vehivavy dia samy afaka voan'ny angaboribory na chlamydia tsy misy fambara.** Ny angaboribory sy ny chlamydia dia mety hanana fambara mitovy, na dia manomboka aloha be sy manaintaina kokoa aza ny angaboribory. Ny lehilahy sy ny vehivavy dia samy mety voan'ny angaboribory sy ny chlamydia ka tsara kokoa raha manao fitsaboana ireo aretina roa ireo. Raha tsy voatsabo, na ny angaboribory na ny chlamydia dia mety hahamomba ny lahy na ny vavy (tsy afaka miteraka).

Raha tsy voatsabo alohan'ny hiterahany ny vehivavy mitondra vohoka voan'ny angaboribory na chlamydia, mety hahazo ny mason'ilay zazakely ny otrikaretina ka hahatonga azy ho jamba (jereo p. 221).

*Fambara eo amin'ny lehilahy:*

- Nana mitsiranoka eo amin'ny filahiana
- Indraindray dia mivonto sy manaitaina ny vihindahy



*Famantarana eo amin'ny lahy sy ny vavy:*

- Fanaintainana na fangirifiriana rehefa mamany
- Firehetana na fery manerana ny vatana
- Fivintosana manaintaina eo amin'ny lohalika iray na roa, ankihikely na ny tonon-tanana

*Famantarana eo amin'ny vehivavy:*

- Tsiranoka mavo na maitso eo amin'ny fivaviana na ny lava-body
- maharary faritra ambanin'ny kibo ambany (manaintaina eo amin'ny lohavana, p. 243)
- Hafanana
- maharary mandritra ny firaisana ara-nofa



Eo amin'ny lehilahy, ny famantarana voalohany dia manomboka 2 hatramin'ny 5 andro (na hatramin'ny 3 erinandro na mihoatra) rehefa avy niray ara-nofy tamin'ny olona voan'ny aretina. Eo amin'ny vehivavy, mety tsy hisy fambara mandritra ny herinandro na volana maro. Saingy **ny olona izay tsy maneho fambara mihitsy dia mbola mety hamindra ilay aretina amin'ny olona hafa**, manomboka andro vitsy aorian'ny nahazoana ilay aretina.

**Fitsaboana:**

- ◆ Taloha, ny angaboribory dia notsaboina tamin'ny penicillin. Saingy amin'izao, ny aretina dia mahatohitra ny penicillin amin'ny faritra maro, koa dia mila mampiasa antibiotika hafa. Tsara kokoa ny mahazo torohevitra avy eo an-toerana mikasika izay fanafody tena mandaitra, misy sy mora vidy. Ireo fanafody ampiasaina mba hitsaboana ny angaboribory sy ny chlamydia dia tanisaina ao amin'ny p. 359. Raha mbola tsy afaka ny tsiranoka sy ny fanaintainana ao anatin'ny 2 na 3 andro nanandramana ny fitsaboana iray, ny angaboribory dia mety nahatohitra ilay aretina, na mety voan'ny chlamydia ilay olona.
- ◆ raha voan'ny angaboribory sy ny chlamydia ny vehivavy iray, ka sady misy hafanana no manaintaina eo amin'ny kibony ambany dia mety voan'ny aretina manaintaina eo amin'ny lohavana izy (p. 243).
- ◆ Ireo rehetra nanao firaisana ara-nofy niaraka tamin'ny olona voan'ny angaboribory sy ny chlamydia dia mila tsaboina, indrindra ny vadin'ireo lehilahy voan'ny aretina. Na dia tsy maneho famantarana aretina aza ilay vady dia mety voan'ny aretina koa izy. Raha tsy miaraka voatsabo amin'ny vadiny izy dia hamindra indray ilay aretina amin'ilay rangahy.
- ◆ Arovy amin'ny chlamydia ny mason'ireo zazakely rehetra vao teraka, ary indrindra ny angaboribory, izay mety hiteraka fahajambana (jereo p. 221).

TANDREMO: Ny olona voan'ny angaboribory sy ny chlamydia ihany koa dia mety voan'ny angatra fa tsy mahalala izany. Indraindray dia tsara ny manohy ary manome fanafody feno hitsaboana ny angatra satria ny fitsaboana ny angaboribory sy ny chlamydia dia mety hisorohana ny fambara ny angatra voalohany, **saingy mety tsy hanasitrana ilay aretina.**

Mba hisorohana izany sy ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofy hafa dia jereo ny p. 239.

**Angatra**

Ny angatra dia otrikaretina mpitranga sy mampidi-doza izay mifindra avy amin'ny olona iray mankany amin'ny olona iray hafa amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofy.

**Famantarana:**

- Ny fambara voalohany matetika dia fery, izay antsoina hoe “*chancre*”. Izy io dia mitranga 2 hatramin'ny 5 herinandro aorian'ny fanaovana firaisana ara-nofy miaraka amin'ny olona voan'ny angatra. Ny chancre dia mety hiendrika mony, mibontsin-drano, na fery misokatra. Matetika miseho eo amin'ny faritry ny filahiana na ny fivaviana (ary eo amin'ny molotra, rantsana, lava-body, na vava saingy tsy tena mahazatra izany). Io fery io dia feno mikraoba izay mora mifindra avy amin'ny olona iray mankany amin'ny olona iray hafa. **Ilay fery matetika dia tsy marary, ary raha toa ka ao anatin'ny fivaviana ilay izy dia mety tsy fantar'ilay vehivavy akory hoe misy izany izy saingy mety hifindra mora foana amin'ny olona hafa izany.** Raha manaintaina ilay fery dia mety ho chancroid (jereo p. 403).
- Maharitra andro vitsy monja ilay fery ary afaka ho azy tsy mila fitsaboana. **Saingy mitohy miparitaka eraky ny vatana ilay aretina.**



(mitohy ao amin'ny pejy manaraka)

- Herinandro na volana maro aty aoriana dia mety ho voan'ny aretin-tenda, hafanana kely, fery eo amin'ny vava na hivonto ny tonon-taolana. Na mety hitranga eo amin'ny hoditra ireto fambara ireto:

fitsovahana na 'mony'  
eraky ny vatana

votsy manao  
boribory  
(toy ny  
tandomeri  
na)

fitsovahana  
mangidihidy eo  
amin'ny felan-tanana  
na tongotra



Ireo fambara rehetra ireo matetika dia miala ho azy ka mahatonga ilay olona hieritreritra fa sitrana izy—saingy mbola mitohy ny aretina. **Raha tsy voatsabo tsara dia mety hanenika ny faritry ny vatana rehetra ny angatra ary hiteraka aretim-po, fahalemena, aretin-tsaina sy olana maro hafa.**

Fanamarihana: Ny hatim-pisaka dia mitovy famantarana amin'ny angatra (jereo p. 202).

TANDREMO: Raha toa misy fitsovahana na toetry ny hoditra hafahafa miseho andro na herinandro vitsy aorian'ny nitrangan'ny mony na fery eo amin'ny taovam-pananahana dia mety ho angatra izany. Mahazoa torohevitra avy amin'ny dokotera.

Fitsaboana ny angatra: **(Ho an'ny fahasitranana tanteraka, ny fitsaboana feno dia zava-dehibe).**

- ◆ **Raha latsaky ny 1 taona ny nahateo ireo famantarana**, tsindrony benzathine penicillin 2.4 million units eo no ho eo, antsasaky ny fatrany ho an'ny fitombenana tsirairay (jereo p. 352). Raha tsy mahazaka penicillin, mihinana tetracycline na erythromycin, 500 mg., in-4 isan'andro mandritra ny 15 andro.
- ◆ **raha mihoatra ny 1 taona ny nahateo ireo famantarana**, tsindrony benzathine penicillin 2.4 million units—antsasaky ny fatrany ho an'ny fitombenana tsirairay—in-drainy isan-kerinandro mandritra ny 3 erinandro, izany hoe 7.2 million units ny fitambarany. Raha tsy mahazaka penicillin, mihinana tetracycline na erythromycin, 500 mg., in-4 isan'andro mandritra ny 30 andro.
- ◆ Raha ahiana fa tena voan'ny angatra tokoa ny olona iray dia mila manantona mpiasan'ny fahasalamana eo no eo. Mety ilaina ny fanaovana fitiliana rà manokana. Raha tsy afaka atao ny fitiliana dia aleo tsaboana araky ny fomba fitsabo ny angatra ihany ilay olona.
- ◆ Ireo rehetra nanao firaisana ara-nofy tamin'ny olona fantatra fa voan'ny angatra dia tokony tsaboana ihany koa, indrindra ny vadin'ireo izay fantatra fa voan'ny otrikaretina.

Fanamarihana: Ny vehivavy mitondra vohoka na mampinono izay tsy mahazaka penicillin dia afaka mihinana erythromycin mitovy fatra amin'ny tetracycline (jereo p. 355).

Mba hisorohana ny angatra dia jereo ny pejy manaraka.

## Atody Tarimo Vaky Eo Amin'ny Teta (Lymphogranuloma Venereum)

### Famantarana:

- **Eo amin'ny lehilahy:** Fivontosana lehibe, miloko matroka eo amin'ny teta izay mamoaika nana mitsiranoka, manolatra, ary miverina misokatra indray.
- **Eo amin'ny vehivavy:** Atody tarimo mitovy amin'ireo mahazo ny lehilahy. Na fery mitsiranoka manaintaina eo amin'ny lava-body.

### Fitsaboana:

- ◆ Mandehana manantona mpiasan'ny fahasalamana.
- ◆ Omeo erythromycin 500 mg., in-4 isan'andro mandritra ny 14 hatramin'ny 21 andro ny olon-dehibe. Na omeo doxycycline, 100 mg., in-2 isan'andro mandritra ny 14 hatramin'ny 21 andro.
- ◆ Fadio ny manao firaisana ara-nofy raha tsy efa sitrana tanteraka ny ireo fery.

Fanamarihana: Ny atody tarimo vaky eo amin'ny teta ihany koa dia mety famantarana chancroid (jereo p. 403).



## AHOANA NY FOMBA HISOROHANA NY OTRIKARETINA AVY AMIN'NY FIRAISANA ARA-NOFO

1. **Tandremo tsara ny olona hanaovanao firaisana ara-nofo:** Ny olona miray ara-nofo amin'ny olona maro isan-karazany dia azo antoka kokoa ho voan'ny otrikaretina. Izany no mahatonga ny mpivaro-tena ho mora voan'ny otrikaretina sy hamindra izany. Mba hisorohana ny otrikaretina, **ampiasao hatrany ny fimailo (kapaoty)** na aza miray ara-nofo afa-tsy amin'ny olona iray mahatoky.

2. **Mahazoa fitsaboana eo no ho eo:** Zava-dehibe tokoa raha mahazo fitsaboana eo no eo ny olona voan'ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo mba tsy hamindran'izy ireo ny tsimokaretina amin'ny hafa. Ny fahazoana aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo iray monja dia mety hahavoan'ny SIDA na aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo hafa. Aza manao firaisana amin'ny olona raha tsy afaka 3 andro aorian'ny fahavitan'ny fitsaboana. (Indrisy fa tsy mbola misy fanafody manasitrana ny VIH. Jereo p. 397.)

3. **Teneno ny olona hafa raha toa mila mitsabo tena izy ireo:** Raha mahita ny olona iray fa voan'ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo, mila milaza amin'ny olona nanaovany firaisana izy mba hitsabo tena ihany koa. Zava-dehibe manokana raha milaza amin'ny vehivavy ny lehilahy iray satria raha tsy fantany fa voan'ilay aretina izy dia mety hamindra izany amin'ny olona hafa, mety ho voan'ny aretina ny zanany na ho jamba, ary mety ho lasa momba izy na harary mafy.

4. **Ampio ny hafa:** Antitrantero amin'ireo namana izay mety voan'ny firaisana ara-nofo ny hitsaboany tena eo no ho eo, sy ny mba hifadiany ny fanaovana firaisana ara-nofo mandrapahasitrany.

## AHOANA ARY REHEFA INONA NO MAMPIASA KATETERA

(FANTSONA VITA AMIN'NY FINGOTRA MBA HISINTONANA NY AMANY AVY AO ANATY TATAVIA)



**Rehefa no mampiasa ary rehefa inona no tsy mampiasa katetera:**

- **Aza mampiasa katetera mihitsy raha tsy faran'izay tena ilaina** sy sarotra ny mahazo fanampian'ny dokotera ara-potoana. Na dia ampiasaina amim-pitandremana aza ny katetera dia miteraka otrikaretina mahery vaika na fahasimban'ny fantsona mitondra ny amany izany indraindray.
- Raha mbola misy amany mivoaka ihany dia aza mampiasa katetera.
- Raha tsy afaka mivalan-drano ilay olona dia ataovy manandrana mipetraka ary mivalan-drano ao anaty koveta misy rano mafana aloha izy (p. 236). Atombohy eo no eo ny fanafody natoro (ho an'ny angatra sy ny aretin'ny fiharin'ny vihindahy).
- Raha feno be sy manaintaina ny tatavian'ilay olona ka tsy afaka mivalan-drano izy, na manomboka maneho famantarana fanapoizinana amin'ny amany dia ampiasao amin'izay ny katetera.

Famantarana fanapoizinana amin'ny amany (*uremia*):

- Maimbo amany ny fofon'aina.
- Mivonto ny tongotra sy ny tarehy.
- Mandoa, ory, mikorontan-tsaina.



Fanamarihana: Ireo olona voan'ny fahasarotan'ny fivalanan-drano, fiharin'ny vihindahy mihitatra, na vato ao anatin'ny voa dia mila mividy katetera ary tsy tokony misaraka aminy izany raha sendra ny tampoka.

FOMBA FAMETRAHANA KETETERA

1. Ampangotraho mandritra ny 15 minitra ny katetera (sy fitaovam-panindronana na fitaovana mety ampiasainao).



2. Sasao tsara ao ambanin'ilay hoditra ivelan'ny lohan'ny mahalehilahy na eo anelanelan'ny molotry ny mahavehivavy sy ny manodidina.



3. Sasao ny tanana—raha azo atao dia amin'ny savony fampiasa rehefa handidy (toy ny *Betadine*). Rehefa vita ny fanasana, aza mikasika afa-tsy zavatra voadio na madio be.




4. Asio lamba madio be ao ambany sy manodidina ilay faritra.




5. Manaova fonon-tanana voadio na koseho tsara amin'ny alikaola na savony fampiasa rehefa handidy ny tanana.



6. Osory menaka madio (menaka malama) toy ny *K-Y Jelly* izay levona ao anaty rano ilay katetera (not oil or *Vaseline*).




7. Tarito midina hoditra ivelan'ny lohan'ny mahalehilahy na sokafy ny molotry ny fivaviana ary fafao amin'ny vovondandihazo nolemana, tamin'ny savony ny fisokafan'ny lavaka famaniana.



8. Eo ampihazonana ny hoditra ivelan'ny lohan'ny mahalehilahy na ny molotry ny fivaviana hisokatra, alefaso moramora ao anatin'ny lavaka famaniana ilay katetera. Ahodino raha ilaina fa FA AZA TERENA.



Hazonny tsara toy izao ny filahiana.



9. Atoseo miditra ilay katetera mandrapivoakan'ny amany ho an'ny lehilahy, avy eo dia atoseho miditra 3sm.



*Fanamarihana:* Ny fantson'amin'ny vehivavy dia fohy lavitra nohon'ny an'ny lehilahy.

**ZAVA-DEHIBE:** Raha maneho famantarana fanapoizinana amin'ny amany, na raha feno loatra ary mihitatra ny tatavia ka tsy manome alalana ny amany hivoaka eo no eo: avelao hivoaka moramora izany (amin'ny famotserana na fanofohana ny katerera moramora ao anatin'ny iray na 2 ora.

Indraindray ny vehivavy dia tsy afaka mivalan-drano rehefa avy niteraka. Raha mihoatra ny 6 ora izany, ka angamba feno ny tataviany dia mety mila katetera izy. Raha tsy mbola tsapa fa feno ny tataviany dia aza mampiasa katetera fa asaivo misotro rano betsaka izy.

Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny fampiasana katetera, jereo ny Ankizy Manankilema eo An-tanàna, Toko 25.



## OLAN'NY VEHIVAVY

### TSIRANOKA EO AMIN'NY FIVAVIANA

#### (zavatra madity na miendrika nana mivoaka avy amin'ny fivaviana)

Ny vehivavy matetika raha ny tokony ho izy dia misy tsiranoka kely mivoaka avokoa amin'ny fivaviany, izay tsy misy loko, toy ny ronono, na somary mavo. Raha tsy mangidihidy na misy fofona maimbo dia tokony tsy misy olana.

Saingy misy vehivavy maro, indrindra rehefa mitondra vohoka, no voan'ny tsiranoka arahana hidihidy amin'ny fivaviany. Io tsiranoka mivoaka io dia mety avy amin'ny otrikaretina isan-karazany. Maro amin'izy ireo no manelingelina fa tsy mampidi-doza. Na izany aza, ny otrikaretina ateraky ny angaboribory na chlamydia dia mety hanimba ny zaza eo am-piterahana (jereo p. 221).

**1. Ny zavatra mivoaka manify sy mandroatra, somary maitso-mavo na manopy fotsy, ratsy fofona arahana hidihidy.** Izy io dia mety ho otrikaretina *Trichomonas*. Mety hamaivay rehefa mivalan-drano. Indraindray dia harary na hivonto ny taovam-pananahana. Mety hisy rà ilay zavatra mivoaka.

#### **Fitsaboana:**

- ◆ Zava-dehibe ny fitandroana ny fahadiovan'ny taovam-pananahana.
- ◆ Ny fanasana ny fivaviana amin'ny rano matimaty sy vinaingitra voadio dia hanampy. Raha tsy misy vinaingitra dia ampiasao ny ranom-boasary makirana atao anaty rano.

Ho an'ny fanasana, mampiasa vinaingitra 6 sotrokely ao anatin'ny rano 1 litra nampangotrahana sy nampangatsiahana.



ZAVA-DEHIBE: Avelao hiditra miadana mandritra ny 3 minitra ny rano. Aza alefa mihiotra ny 7,6 sm. (3 inches) any anaty fivaviana ny fantsona.

**TANDREMO:** Aza sasàna mandritra ny 4 herinandro faran'ny fitondràna vohoka, na mandritra ny 6 herinandro aorian'ny fiterahana. Raha manelingelina be ilay zavatra mivoaka, dia mety hanampy ny fampidirana nystatin anatin'ny fivaviana (jereo ny #ao anatin'ny pejy manaraka).

- ◆ Azonao atao ihany koa ny mampiditra hasina tongolo lay any anaty fivaviana. (voasy ny tongolo lay, tandremo tsara sao voatsindrona ilay tongolo. Fonosy lamba kely madi na kaompresy, ary atsofohy ao anaty fivaviana.)
- ◆ Sasao in-2 mandritra ny andro, ary tsofohy hasina tongoly lay vaovao isan-kalina. Ataovy izany mandritra ny 10 hatramin'ny 14 andro.
- ◆ Raha tsy manampy izany dia ampiasao ny zavatra atsofoka ao anaty fivaviana misy metronidazole na fanafody hafa hitsaboana *Trichomonas*, na mihinana metronidazole. Ho an'ny fepetra sy ny torohevitra dia jereo ny pejy 368.

ZAVA-DEHIBE: Azo inoana fa ny vadin'ny vehivavy voan'ny *Trichomonas* dia voan'ilay otrikaretina ihany koa na dia tsy mahatsapa na ino na na inona aza izy. (Ny lehilahy sasany voan'ny *Trichomonas* dia maheno mamaivay rehefa mivalan-drano). Raha tsaboina amin'ny metronidazole ny vehivavy iray, ny vadiny ihany koa dia tokony mihinana izany miaraka aminy.

2. **Zavatra mivoaka miloko fotsy toy abobo na ronono avy nanaovana dobera, ka mamofona toy ny bobongolo, maimbo lao, na mofo andrahoina.** Mety ho otrikaretina ateraky ny lalivay izany (moniliasis, Candida). Mety hahery vaika ny hidihidy. Matetika dia mena be ny lokon'ny molotry ny fivaviana ary harary. Mety hamaivay rehefa mivalan-drano. Io otrikaretina io dia mateti-pitranga eo amin'ny vehivavy mitondra vohoka na eo amin'ny olona marary, voan'ny diabeta (p. 127), voan'ny otrikaretina VIH, na nihinana antibiotika, na pilina fanabeazana aizana.

**Fitsaboana:** Fanasana amin'ny vinaingitra-rano (jereo p. 241) na violet de gentiane noranoina, ampahana violet de gentiane 2 ho an'ny ampahan-drano 100 (2 sotrokely ho an'ny antsasa-litatra). Na mampiasà vongana nystatin, na vongam-panafody hafa fampiditra anaty fivaviana hitsaboana Candida, toy ny miconazole na clotrimazole. Ho an'ny fatra sy ny toromarika dia jereo ny pejy 372. Ny fampidirana iaorta tsy misy siramamy ao anatin'ny fivaviana dia voalaza fa fanafody mandaitra namboarina ao an-trano mba hifehezana ny otrikaretina ateraky ny lalivay. **Aza mampiasa antibiotika ho an'ny otrikaretina ateraky ny lalivay. Mety vao maika hampihombo azy izany.**


3. **Ny zavatra mivoaka matevina sy toy ny ronono misy fofona toy ny menaka efa simba.** Mety ho otrikaretina ateraky ny bakteria izany. Mety ilaina ny manao fitiliana manokana mba hilazana raha avy amin'ny otrikaretina Trichomonas izany. Sasao amin'ny vinaingitra-rano (p. 241), na povidone-iodine (Betadine: 6 sotrokely ao anatin'ny rano 1 litatra). Azonao atao ihany koa ny mampiditra hasina tongolo lay isan-kalina mandritra ny 2 herinandro, (jereo p. 241). Raha tsy misy mandaitra ireo fitsaboana rehetra ireo dia andramo ny metronidazole (jereo p. 368).

4. **Ny zavatra mivoaka mandranoka, miloko volontany, na zavatra mivoaka miloko volondavenona, misy rà kely; mamofona maimbo; manaintaina eo amin'ny kibo ambany.** Ireo dia famantarana otrikaretina mahery vaika kokoa, na mety ho homamiadana (p. 280). Raha misy hafanana, mampiasà antibiotika (raha azo atao dia ampicillin miaraka amin'ny tetracycline—jereo p. 352 sy 355). **Manatòna dokotera eo no eo.**

ZAVA-DEHIBE: Raha maharitra fotoana ela ny fisian'ny zavatra mivoaka na tsy mihasi-trana amin'ny fitsaboana dia mitadiava dokotera.

## Ahoana ny Fomba Hisorohan'ny Vehivavy Otrikaretina Maro:

1. Ataovy madio hatrany ny faritry ny fivaviana. Rehefa mandro ianareo (isan'andro raha azo atao) dia sasao amin'ny savony malefaka.
2. Mandehana mivalan-drano rehefa avy manao firaisana ara-nofo. Izany dia hanampy amin'ny fisorohana ny otrikaretin'ny fitaovam-pivalanan-drano (saingy tsy misoroka ny vohoka).
3. Fafao tsara rehefa isaky ny avy mangery. Fafao avy eo aloha mankany aoriana foana:



Ny famafana mankany aloha dia mety hanaparitaka ny mikraoba, amiba, na kankana hankao amin'ny fisokafan'ny taovam-pivalanan-drano sy ny fivaviana. Fafao tsara avy any aloka mankany aoriana ihany koa ny vodina'ny zazavavy kely ary ampianaro hanao toy izany izy ireo rehefa mihalehibe.

## Fanaintainana na Fanelingelenana eo amin'ny Faritra Ambany Afovoan'ny Kibo'ny vehivavy

Izy io dia mety avy amin'ny antony maro izay resahana amin'ny ampahany maro ato anatin'ity boky ity. Ny lisitra manaraka izay misy fanontaniana fototra vitsivitsy dia hanampy anao hahafantatra ny toerana tokony jerena.


Ny mety ho anton'ny fanaintainana eo amin'ny kibo ambany dia:

**1. Fanelingelenan'ny fadim-bolana** (p. 246).

M i h à m a f y kokoa ve izany fotoana fohy mialoha na mandritra ny fadim-bolana?

**2. Otrikaretin'ny tatavia** (p. 234). Anisan'ireo anton'ny fanaintainan'ny faritra ambany afovoan'ny kibo hita matetika. Mamany matetika be, na marary rehefa mamany?

**3. Aretina manaintaina eo amin'ny lohavana.** Izy io dia dingana faran'ny angaboribory na chlamydia (p. 236), arahana'ny fanaintainana eo amin'ny lohavana sy hafanana. Ny aretin'ny lohavana dia mety hiseho ihany koa rehefa avy miteraka, manala zaza, afa-jaza, na nampidirana DIU (fandrindram-piterahana atsofoka any anaty tranon-jaza). Tsaboy amin'ny fomba fitaboana angaboribory sy chlamydia saingy omeo metronidazole 500 mg. in-3 isan'andro mandritra ny 14 andro ihany koa ankoatran'ireo fanafody omena ao amin'ny pejy 359. Raha mampiasa DIU ilay vehivavy dia mety ilaina ny manala izany. Manatona mpitsabo.



**4. Olana mifandray amin'ny vongan-javatra na mavesatra ao anatin'ny faritra ambanin'ny kibo.** Voaresaka vetivety ao amin'ny pejy 280 izy ireo ary ao anatin'izany ny kista mahazo ny fihariatodinaina sy **homamiadana**. Ilaina ny fizahana manokana ataon'ny mpiasan'ny fahasalamana voaofana.

**5. Zaza an-tsosokoditra** (rehefa mihalehibe ivelan'ny tranon-jaza ilay zazakely (p. 280). Matetika dia misy fanaintainana lehibe arahana fandehanan-drà tsy ara-dalàna. Matetika dia misy fambara fitondrana vohoka ilay vehivavy (jereo p. 247), ary fanimpanina sy reraka. **Manatona mpitsabo avy hatrany; atahorana ny ainy.**

**6. Fahasarotana ateraky ny fanalàn-jaza** (p. 414). Mety hisy hafanana, mandehana rà misy vaingany avy amin'ny fivaviana, manaintainana ny kibo, misy fahasaratana rehefa mivalan-drano, ary dona. Antombohy amin'ny fanomezana antibiotika ho an'ny hafanana ateraky ny fiterahana (p. 276), ary **ento avy hatrany mankeny amin'ny hopitaly ilay vehivavy. Atahorana ny ainy.**

**7. Otrikaretina na olana hafa eo amin'ny taova na na *rectum*** (faran'ny tsinaibe) (p. 145). Mifandray amin'ny zavatra nohanina ve ilay fanaintainana sa amin'ny fangerena?

Ny sasany amin'ireo olana eo ambony dia tsy misy atahorana. Ny sasany kosa dia mampidi-doza. Tsy mora ny manavaka azy ireo. Ny fitiliana na fizahana manokana dia mety ilaina. **Raha tsy azonao antoka ny fiavian'ny fanaintainana, na tsy mihatsara haingana ilay izy dia manatona dokotera.** Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny fitsaboana ny aretim-behivavy, jereo ny Rehefa Tsy Manana Dokotera ny Vehivavy.

## LEHILAHY SY VEHIVAVY TSY AFAKA MITERAKA (FAHAMOMBANA)

Indraindray misy lehilahy sy vehivavy miezaka mahazo zaza saingy tsy mety bevohoka ilay vehivavy. Na ilay lehilahy na ilay vehivavy no momba (tsy afaka miteraka). Matetika dia tsy misy azo atao mba hampiteraka ilay olona, kanefa indraindray dia misy zavatra azo atao ihany arakaraka ny antony.

ANTONY MAHAZATRA MAHATONGA NY FAHAMOMBANA:

1. **Fahamombana.** Ny vatan'ilay olombelona na lahy na vavy dia efa namboarina ho tsy afaka miteraka. Ny lehilahy sy vehivavy sasany dia efa momba hatrany an-kibon-dreniny.


2. **Fahalemena na tsy fahampiana ara-tsakafo.** Eo amin'ny vehivavy sasany, ny tsy fahampian-drà mahery vaika, tsy fahampian-tsakafo, tsy fahampiana ioda dia mety hampihena ny taham-pahafahana miteraka. Na mety hiteraka ny fahafatesan'ny zaza vao mitsaika, angamba mbola tsy fantatr'ilay reny akory hoe mitondra vohoka izy (jereo ny Fahafahan-jaza, p. 281). Ny vehivavy tsy mety bevohoka, na afa-jaza matetika dia mila mihinana sakafo be otrikaina, mampiasà sira misy ioda ary raha voan'ny tsy fahampian-drà mahery vaika izy dia mila mihinana pilina fera (p. 247). Mety hampiakatra ny taham-pahafahany miteraka izany ka hahazo zaza salama.

3. **Otrikaretina maharitra ela,** indrindra ny aretina manaintaina eo amin'ny lohavaniana (jereo p. 243) ateraky ny angaboribory na chlamydia, dia antony matetika mitarika fahamomban'ny vehivavy. Mety hanampy ny fitsaboana—raha tsy efa lasa lavitra loatra ilay aretina. Ny fisorohana sy fitsaboana mialoha ny angaboribory sy ny chlamydia dia hampihena ny tsy fahafahana miteraka.

4. **Ny lehilahy** indraindray dia tsy afaka mahabevohoka ny vehivavy nohon'ny fahavitsian'ny tsirinainy. Mety hanampy ho an'ny lehilahy ny fiandrasana fa tsy manao firaisana ara-nofo mandritra ny andro maro mialohan'ny 'fotoana mahalonaka' isam-bolana, eo anelanelan'ny andro farany nahatongavan'ny fadim-sy ny fotoanany manaraka (jereo ny Fomba Fanisana Andro sy Fomban'ny Tsiranoka, p. 291 sy 292). Io fomba io dia ahafahany manome ilay vehivavy ireo tsirinainy rehetra rehefa miray ara-nofo izy ireo amin'ny andro ahafahan'ilay vehivavy hitsaika.

TANDREMO: Ny hormonina sy ny fanafody hafa izay omena ny lehilahy na vehivavy tsy afaka miteraka dia tsy mahatsara azy, indrindra ho an'ny lehilahy. Ny fanafody natao tao an-trano sy ny fanafody majika ihany koa dia tsy mandaitra. Tandremo tsy handany ny volanao amin'ny zavatra tsy handaitra.

Ho an'ny lehilahy na vehivavy tsy afaka manan-janaka, mbola misy fomba maro hitaizana na hanohanana zaza ary hiainana fiainana mahafinaritra:



- Angamba mety ny mikarakara zaza na manangana zaza kamboty na zaza mila fianakaviana. Maro ireo mpivady no tia ireo zaza ireo toy ny naterany mihitsy.
- Mety azonao atao ny tonga mpiasan'ny fahasalamana na manampy ny fiaraha-moninao amin'ny fomba maro hafa. Ny fitiavana tokony nomenao ny zanaka dia azonao omena ny hafa ka hitondra soa azy ireo.
- Mety monina ao amin'ny tanàna izay mijery-vilana ny vehivavy tsy afaka miteraka. Mety azonao atao ny manangana vondrona miaraka amin'ireo hafa toa anao ka manampy amin'ny fikarakarana olona manana filàna manokana na mandray anjara amin'ny fomba hafa eo amin'ny fiaraha-monina, ary maneho amin'ny mpiaramonina fa tsy ny fiterahana ihany no manome lanja ny vehivavy.